

GOVERNEMANTA

FILANKEVITRA MOMBA NY FIFEHEZANA NY TETIBOLA SY NY FITANTANAM-BOLA TSOATSORATRY NY FANAPAHANA LAHARANA FAHA-01/2018-CDBF

mikasika ny fitoriana eo anatrehan' ny Filankevitra momba ny Fifehezana ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola an' Atoa

Andriamadimanana Sandy Miatrika, IM 353 394, Talen' ny Ivontoerana Nasionaly Fanofanana ara-pedagogia, amin' ny maha Mpanalalana Voalohany sy Olona Tompon' andraikitra ny Tsenambaro-panjakana azy.

Ny Filankevitra momba ny Fifehezana ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola,

Araka ny Lalampianorehana,

Araka ny lalana laharana faha-2004-006 tamin' ny 26 jolay 2004 andaminana indray sy ampandehana ny Filankevitra momba ny Fifehezana ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola, novan' ny andininy faha-18 ao amin' ny lalana mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana amin' ny taona 2017,

Noho ireo antony ireo,

Rehefa avy nifampidinihana araka ny lalana,

Dia mamoka izao fanapahana izao :

Andininy voalohany. – Mahefa hanapaka momba ny raharaha mikasika an' Atoa Andriamadimanana Sandy Miatrika, Talen' ny Ivontoerana Nasionaly Fanofanana ara-pedagogia (INFP), amin' ny maha Mpanalalana Voalohany sy Olona Tompon' andraikitra ny Tsenambaro-panjakana azy, ny Filankevitra izay nahavoaray aradalana ny fampakaran-draharaha avy amin' ny Tale Jeneralin' ny Fanaraha-maso ny Volam-panjakana.

And. 2. – Nanao fahadisoana ara-pitantanana voalazan' ny andininy faha-7 ao amin' ny lalana laharana faha-2004-006 tamin' ny 26 jolay 2004 andaminana indray sy ampandehana ny raharahan' ny Filankevitra momba ny Fifehezana ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola Atoa Andriamadimanana Sandy Miatrika amin' ny maha Mpanalalana Voalohany sy Olona Tompon' andraikitra ny Tsenambaro-panjakana azy ao amin' ny Ivontoerana Nasionaly Fanofanana ara-pedagogia (INFP), izany hoe ny tsy fanajany ny andininy faha-21-II ao amin' ny Fehezana-dalana momba ny Tsenambaro-panjakana mikasika ny fepetra nisafidianana ny paika fandraiketana ny fitaomana hanao tolo-bidy voafetra sy ny andininy faha-4 ao amin' ny didim-pitondrana laharana faha-13 838/2008/MFB tamin' ny 18 jona 2008 ho fampiharana ny andininy faha-14 ao amin' ny Fehezana-dalana momba ny Tsenambaro-panjakana izay mametra ny fomba fikajiana ny farafetran' ny fandraiketana ny tsenambaro-panjakana.

And. 3. – Noho izany voasazy handoa vola mitetina valo hetsy sy roa tapitrisa Ariary (Ar 2 800 000) Atoa Andriamadimanana Sandy Miatrika, Tale sady Mpanalalana Voalohany sy Olona Tompon' andraikitra ny Tsenambaro-panjakana ao amin' ny Ivontoerana Nasionaly Fanofanana ara-pedagogia (INFP).

And. 4. – Ampahafantarina ilay voakasika, ny Minisiteran' ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola (Foibem-pitondrana Ankapobe misahana ny Fitantanana ny Volan' ny Mpandraharaha ao amin' ny Panjakana), ny Tale Jeneralin' ny Fanaraha-maso ny Volam-panjakana amin' ny maha fahefana mpanolotra ny raharaha azy ary ny Minisitry ny Fanabeazam-pirenena amin' ny maha mpifehy ambony mivantana azy ho fampiharana ny andininy faha-22 ao amin' ny lalana laharana faha-2004-006 izay voalaza etsy aloha.

Natao tao Antananarivo tamin' ny fotoam-pitsarana tsy ampahibemaso ny telo amby roapolo janoary taona valo ambin' ny folo sy roa arivo.

Natao tao Antananarivo, ny 17 oktobra 2018.
Manaraka ny sonia,

GOUVERNEMENT

CONSEIL DE DISCIPLINE BUDGÉTAIRE ET FINANCIÈRE EXTRAIT DE LA DECISION N° 01/2018-CDBF

relative à la traduction devant le Conseil de Discipline Budgétaire et Financière de M. Andriamadimanana Sandy

Miatrika, IM. 353 394, Directeur de l'Institut National de Formation Pédagogique, en sa qualité d'Ordonnateur Principal et de Personne Responsable des Marchés Publics.

Le Conseil de Discipline Budgétaire et Financière,

Vu la Constitution,

Vu la loi n° 2004-006 du 26 juillet 2004 portant réorganisation et fonctionnement du Conseil de Discipline Budgétaire et Financière, modifiée par l'article 18 de la loi de Finances pour 2017,

Par ces motifs,

Après en avoir délibéré conformément à la loi,

Décide :

Article premier. – Le Conseil régulièrement saisi par le Directeur Général du Contrôle Financier est compétent pour statuer sur l'affaire concernant M. Andriamadimanana Sandy Miatrika, Directeur de l'Institut National de Formation Pédagogique (INFP), en sa qualité d'Ordonnateur Principal et de Personne Responsable des Marchés Publics.

Art. 2. – M. Andriamadimanana Sandy Miatrika a commis une faute de gestion prévue par l'article 7 de la loi n° 2004-006 du 26 juillet 2004 portant réorganisation et fonctionnement du Conseil de Discipline Budgétaire et Financière en sa qualité d'Ordonnateur Principal et de Personne Responsable des Marchés Publics de l'Institut National de Formation Pédagogique (INFP), en l'occurrence le non-respect de l'article 21- II du Code des Marchés Publics sur les conditions du choix de procédure de passation d'un appel d'offres restreints et de l'article 4 de l'arrêté n° 13 838/2008/MFB du 18 juin 2008 en application de l'article 14 du Code des Marchés Publics fixant le mode de computation des seuils de passation des marchés publics.

Art. 3. – M. Andriamadimanana Sandy Miatrika, Directeur, Ordonnateur Principal et Personne Responsable des Marchés Publics de l'Institut National de Formation Pédagogique (INFP) est par conséquent condamné au paiement d'une amende d'un montant de deux millions huit cent mille Ariary (Ar 2 800 000)

Art. 4. – La présente décision est notifiée à l'intéressé, au Ministère des Finances et du Budget (Direction Générale de la Gestion Financière du Personnel de l'Etat), au Directeur Général du Contrôle Financier en tant qu'autorité de saisine et au Ministre de l'Education Nationale en tant que supérieur hiérarchique direct en application de l'article 22 sur la loi n° 2004-006 précitée.

Fait à Antananarivo en son audience privée du vingt-trois janvier deux mil dix-huit.

Fait à Antananarivo, le 17 octobre 2018.
Suivent les signatures,